“Ny olona mangalatra ratsy indrindra dia izay mangalatra ny soalat ataony.” Niteny izy hoe : “Ahoana ny fomba ataony mangalatra ny soalat-ny? Hoy ny Mpaminany (S.A.W) : “Tsy mahafeno ny fihondrehany na ny fiankohofany.”

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ş.A.W) manao hoe : “Ny olona mangalatra ratsy indrindra dia izay mangalatra ny soalat ataony.” Niteny izy hoe : “Ahoana ny fomba ataony mangalatra ny soalat-ny? Hoy ny Mpaminany (S.A.W) : “Tsy mahafeno ny fihondrehany na ny fiankohofany.”
[Mari-pototra] [Notantarain’i Ibn Hibbàn]

Nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa ny mpangalatra ratsy indrindra dia ireo mangalatra amin’ny soalat ataony; satria ny olona maka fananan'ny hafa dia mety hahazoany tombony ihany izany eto an-tany, fa tsy tahaka an’ity mpangalatra ity, satria izy nangalatra ny fahasoavana tambin'asany sy valin-kasasarany. Hoy izy ireo : Ry irak'Allah, ahoana ny fomba hangalarany ny soalat? dia namaly izy hoe :Tsy feno ny fiondrehana sy ny fiankohofana amin'ny soalat-ny; Izany dia noho izy faingana mihondrika sy miankohoka, ary tsy manao izany amin’ny fomba tsara.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/65100